



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-80

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MIKASIKA NY  
VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-004/2019 TAMIN'NY 2 OKTOBRA 2019 «PORTANT  
MODIFICATION DE CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2016-029 DU 24 AOUT 2016  
PORTANT CODE DE LA COMMUNICATION MEDIATISEE»

Fivoriana faha-26  
Natao ny  
Alarobia 1 Jolay 2020  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - MICHELLE Bavy Angelica  
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Alarobia 1 Jolay 2020, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 tamin'ny 2 Oktobra 2019 «portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 24 Août 2016 portant Code de la Communication Médiatisée».

Nitohy ny Alarobia 1 Jolay 2020, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha, no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana ary taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana. Nanatontosa izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny Jeneraly.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra, Ramatoa Filoha; ka Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fianantsoa no nanatanteraka izany ary toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia 1 Jolay 2020, tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana sy ny Vaomieran'ny Lalàna, nandinika fanindroany ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 tamin'ny 2 Oktobra 2019 «portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 24 Août 2016 portant Code de la Communication Médiatisée».

Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra, Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana,  
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAKOTONDRA SOA Fetra
2. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fianantsoa
3. RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
4. ANDRIAMANATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAVONTY Tam Teon Luc
2. RAHARIMAMPIONONA
3. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
4. PEPIN Michou

5. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
6. RAKOTONIRINA Jimmy Joe
7. ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Ireto avy ireo teknisianina tonga nislotena ny Governemanta,  
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- |                                    |            |
|------------------------------------|------------|
| 1. RALAIMAZAVA Johary Andriamahery | SG/MCC     |
| 2. RASOANARIVO Haja                | DIRCAB/MCC |
| 3. FANAHEMANANA Tiary              | DG COM     |
| 4. RAKOTONDRAZAKA Fetra            | DRM/MCC    |
| 5. RAZAFINDRAZAKA Aina Fenohery    | MCC-ORIM   |
| 6. RABOTOSON Anja Victor           | DBTNT-MCC  |
| 7. RAMBOA Michel                   | CT-MCC     |
| 8. RANDRIANARIVO Harmine Sylvia    | IVOTORO    |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny tekisiana ny fitenenana mba hanomezany fanazavana mikasika ireto fanovàna avy any amin'ny Antenimierandoholona ireto. Nambaran'ny teknisiana fa ireto fanovàna atolotra ireto dia vokatra ny adihevitra tamin'ny asam-baomiera intelo natao teo anivon'ny Antenimierandoholona, ka teo anivon'ny Vaomiera itambarambe na ny "Commission plénière" no nanapahana farany izany.

Rehefa izany, niroso avy hatrany tamin'ny fandinihana ireo fanovàna natolotra ny Antenimierandoholona ny mpivory:

- **Mikasika ny "intitulé du projet de loi"**: tsy nisy nanao fanamarihana ny mpivory;
- **Andininy faha-5**  
**Article 5 nouveau**: nanazava ny teknisiana fa ny andalana faharoa ihany no tao amin'ny volavolan-dalàna teo aloha, ka nomarihan'ny Antenimierandoholona, fa ilaina ny hanitsiana ireo rinjan-teny manome antoka ny fahafahana miteny na ny «liberté d'expression», ka izany no antony nametrahana io andalana vaolohany vaovao io, mba hifameno tsara ireo andalana roa ireo;
- **Andininy faha-6**:  
**Article 7 nouveau**: nambaran'ny teknisiana fa «nul journaliste» no teo aloha, ka nosoloina hoe «aucun journaliste», fa io no mahalaza tsara kokoa ny tiana hambara. Ny «débat à huis clos» ihany koa dia novain'ny Antenimierandoholona satria "publication non autorisée" no teo aloha, ka natambatra ato amin'ity andininy ity;
- **Andininy faha-9 bis**  
**Article 49**: ny ANRCM na ny «Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée» no «autorité administrative indépendante» miandraikitra ny fanomezana sy ny fisintonana ny «licence», ka tsy misy idiran'ny Minisitara intsony. Natao ity fanovàna ity mba tsy hisian'ny fifanoherana;

- **Andininy faha-11**  
**Article 51 bis nouveau:** vokatry ny fanovàna teo aloha io, ka nesorina tao amin'ny andininy faha-49 ary nampidirina ato. Nampidirina ihany koa fa anisan'ny andefasana ny tatitra isan-taona ny Praiminisitra sy ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina;
- **Andininy faha-19(vaovao)**  
**Article 54 nouveau:** malalaka ny asa fanaovan-gazety; na izany aza, mila ny fankatoavan'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony na ny Fampianarana Teknika sy Arak'asa ireo rehetra izay hisehatra amin'ny fampianarana ary mba hahazoan'ny mpanao gazety avy mahavita fianarana ny karatra maha matianina azy.
- **Andininy faha-22 (vaovao)**  
**Article 55 nouveau:** ny holafitry ny mpanao gazety no manome ny karatra maha mpanao gazety matianina, fa ny «Commission Paritaire» kosa, manara-maso sy manamarina ny fahatomombanan'ireo fepetra ahafahana mahazo izany.
- **Andininy faha-23,**  
**Article 55 bis nouveau:** nanazava ny teknisiana fa mila apetraka mazava ny rafitra sy ny fandaminana ao anatin'ny holafitry ny mpanao gazety. Tokony ho hita taratra amin'izany ny fomba fifidiana, ny fahabangan-toerana, ny fanonganana ny Filoha.
- **Andininy faha-24:**  
**Article 55 ter nouveau:** mifampitohy amin'ny andininy faha-23 izay voalaza teo aloha.
- **Andininy faha-41:**  
**Article 131 nouveau:** niverenana nampidirina ny mikasika ny «licence d'exploitation» izay tsy azo afindra na amidy.

Taorian'ny fanazavana nentin'ny teknisiana mikasika ny volavolan-dalàna dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka.

#### FANONTANIANA:

1. Aiza ho aiza ny mikasika ny lalàna momba ny «accès à l'information» amin'izao fotoana izao?
2. Ho an'ireo mpanao gazety rehetra efa miasa ka tsy misy intsony na rava ny ivon-toerana nanaovany fiofanana dia tsy mahazo karatra ve izany izy ireo?

#### VALINY:

1. Efa eo andalam-panoratana azy ny Minisitera amin'izao fotoana izao, ka ezahina ny hitondrana izany eto amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoam-pivoriana, volana Oktobra ho avy izao.
2. Misy fomba roa ny fahazoana karatra amin'ny asa fanaovan-gazety:
  - na nianatra dia nahazo karatra
  - na mpanao gazety niasa nihoatra ny 3 taona.
 Ireo fomba roa ireo dia hamarinin'ny «Commission Paritaire».

## FANAMARIHANA:

1. Tsara raha ny ivon-toerana fiofanana amin'ny asa fanaovan-gazety mihitsy no ezahina fehezina hanara-dalàna dia mba mahazo karatra avy hatrany sy ara-dalàna avokoa ireo mpianatra avoakany.
2. Tsara jerena ireo mpikambana ao anatin'ny «Commission Paritaire» satria ireo «patron de presse» sy ireo solotenan'ny Minisitara dia samy manana ny firehany, ka matetika miteraka olana eo amin'ny fanomezana karatra.
3. Tsara raha ny holafitry ny mpanao gazety irery ihany no misahana ny fanomezana ny karatra maha mpanao gazety matianina, fa tsy misy ny "Commission Paritaire" satria hatramin'izay dia vitan'izy ireo foana ny mandamina izany eo amin'ny lafiny ara-pitaovana sy ara-potoana.
4. Ny rafitry ny «Commission Mixte Paritaire» dia niainga avy any amin'ny Faritra, misy ihany koa any amin'ny Faritany ary mifarana any amin'ny Foibe. Ahitana solotenan'ny Minisitara avokoa ireo rafitra ireo.

Rehefa vita izay, niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ireo fanovàna nentin'ny Antenimierandoholna ny Solombavambahoaka. Marihana fa araka ny voalazan'ny andiny faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia voafetra ho amin'izay tsy nahavitan'ny roa tonta namoaka rinjan-teny tokana ny adihevitra isan'andiny.

**Lohateny:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-5:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-6:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-9:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-11:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-19:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-22:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-23:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-24:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

**Andiny faha-41:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena.

Taorian'izay, nolanian'ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana afaha-004/2019 tamin'ny 2 Oktobra 2019 "portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 24 Août 2016 portant Code de la Communication Médiatisée".

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nisaotra ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, ary nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana ny tatitra ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka, aloha avy eo ny mpikambana avy amin'ny Governemanta.

Nanambara Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa ao amin'ny pejy faha-3, "article 9 bis", ANRCM no voalaza ao.

Notapahan-dRamatoa Filoha ny teniny satria mbola fanitsiana ny tatitra no atao, fa tsy adihevitra ankapobeny.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa Minisitry ny Kolotsaina sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, nilaza fa tsy misy fanamarihana ary raha momba ny tenin'ny Solombavambahoaka teo hoe tsy niadiana hevitra io. Resaka "formation" fotsiny io, natao hoe: "autorité administrative indépendante" izy. Izany hoe "deux points" fotsiny raha ny marina.

Rehefa izany, mbola nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana indray Ramatoa Minisitry, hanazava ny volavolan-dalàna, indrindra tamin'ny fanovàna nentin'ny Antenimierandoholona.

Nanambara, Ramatoa ANDRIATONGARIVO Rakotondrazafy Lalatiana, Minisitry ny Kolotsaina sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, fa hatao faran'izay fohy ny fanazavana satria efa nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona ity volavolan-dalàna ity ary araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana dia izay tsy itoviana hevitra ihany no haroso eto. Miisa 9 ireo andininy ireo ka hidirana tsirairay avy izany.

Voalohany, niova ny datin'ny lalàna, tamin'ny faha-24 Aogositra 2016 izany raha ny hitantsika. Niova ny datin'ny hamoahana azy na ny "date de promulgation".

Momba ny andininy faha-5: aleo averina ao anaty lalàna io andininy io hoy ny Antenimierandoholona, naverina izany, fa tsy hatao olana.

Ao amin'ny andininy faha-6: natao hoe "aucun journaliste", vao maika mampazava azy kokoa izay.

Mikasika ny "article 6 nouveau": andininy faha-19 teo aloha io. Tsy nisy fanovàna; noho izany, hajaina ny an'ny Antenimierampirenena. Foana io andininy faha-19 io, fa lasa "article 6 nouveau". Tsy zavatra vaovao io, fa ny lalàna noliana tamin'ny volana Desambra 2019 ihany.

Ao amin'ny andininy faha-9 bis vaovao: raha ny teo aloha dia natao hoe... "relevant le domaine public". Io no voalazan'ny lalàna laharana faha-2016-019. Esorina aminy ny fahefana manao an'io asa io, satria tsy azo atao loatra izay. "Deux points" no tokony ho izy. Izany hoe, atao teboka dia nalefa any io "disposition" io.

Mikasika ny andininy faha-11 kosa: tsy maintsy misy fandaminana atao. Izany hoe, manao tatitra amin'ny Filohampirenena isan-taona ny ANRCM momba ny asa nataony.

Mikasika ny andininy faha-19: nomarihan'ny Antenimierandoholona sady nankatoavin'ny Antenimierampirenena ny hitsanganan'ny "établissement professionnel en journalisme".

Andininy faha-22: namboarina kely io, satria rafitra mitoetra eo anivon'ny holafitra amin'ny "Commission Paritaire". Ny zavatra nampiana taminy dia hoe: "créer au sein de l'ordre, une commission paritaire". Nohazavaina kokoa io tamin'ny andininy faha-22 voalaza teo. Izany hoe, nohamafisina ny fahefana ananan'ny holafitry ny mpanao gazety.

Andininy faha-23: mikasika ny “mandat de 4 ans” ho an’ny taom-piasan’ny holafitra. Tsy misy olana iny saingy tokony hanana Filoha Lefitra iray isaky ny Faritra ny holafitra, raha iray isaky ny Faritany izany teo aloha. Izany hoe, «principe d’unicité de vue» no narahina. Mba olona mifanaraka aminy no hiaraka aminy eo, fa tsy olona hiady an-trano. Ao koa ny “principe de vacance de poste”, amin’izay mirindra ny asa tokony hatao.

Mikasika ny andininy faha-24: efa nolanian’ny Antenimierampirenena iny saingy nanao «*précision de rédaction*» fotsiny ny Antenimierandoholona. Heverina fa tsy hisy olana amin’iny, saingy misy «*expédition d’affaire courante*» ao anatin’ny 30 andro ho an’ny Filoha teo aloha raha sendra voaongana izy.

Momba ny andininy faha-41: novain’ny Antenimierandoholona io. Izany hoe, tsy tokony hifindrafindra ny «*licence d’exploitation*» raha ny marina.

Teo ampamaranana ny teniny, nisaotra ny Vaomiera tamin’ny asa notanterahany, Ramatoa Minisitra, sady nitaona ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna mba tsy hamerenana azy any amin’ny Antenimierandoholona intsony. Efa mety ity, hoy hatrany izy, koa isaorana sahady ny Antenimierampirenena amin’ny fandaniana azy satria efa ho 20 taona izay no niandrasana azy ity.

Rehefa izany, nisaotra an-dRamatoa Minisitra, Ramatoa Filoha, tamin’ny fanazavana nomeny ary nanambara fa hanampy ny Solombavambahoaka amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Nomarihany ihany koa, fa araka ny andininy faha-137 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany toy izao dia miompana amin’ireo andininy tsy nitoviana hevitra ihany no anaovana ny adihevitra. Noho izany, izay no harahina amin’ny fandraisana fitenenana.

Taorian’izay, nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDROSOA Fetra, nambarany fa izy no Filohan’ny Vaomiera ary nanamafy ny voalazan-dRamatoa Minisitra teo ny tenany. Nomarihany fa iankinan-javatra maro amin’ny fahafahan’ny mpanao gazety mikasika ny asan’izy ireo ity volavolan-dalàna ity raha lany soa aman-tsara eto. Korontana no nandaniana azy ity teo aloha, tamin’izao kosa tsy nisy an’izany, fa nilamina sy nandeha ara-dalàna ny zavatra natao.

Notsindriany koa fa mamaly amin’ny ampahany maro momba ny hetahetan’ny mpanao gazety ity volavolan-dalàna ity. Nalainy ohatra tamin’izany ny fiandrasana ny “*carte professionnelle*”, ny hahitana ny “*couverture nationale*” ho an’ny televiziona tsy miankina.

Eo anatrehan’izay, nitaona ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna izy satria hanova zavatra lehibe eto amin’ny firenena izany sady, Ramatoa Minisitra, koa mbola maika hamonjy “*Conseil des Ministres*” rehefa miala eto.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa niarahaba an-dRamatoa Minisitra sahady satria handany azy ity ny Solombavambahoaka.

Tsy misy ny lavorary ka notsindriany ny momba ny andininy faha-55 amin'ny fanonganana ny Filoha. Matoa izy naongana, nisy lesoka nataony tao; koa maninona no mbola hajanona eo mandritry ny 30 andro. Sao tsy mety izay.

Nanamarika Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, aleo tsy hasiana adihevitra intsony fa tonga dia laniana avy hatrany izy ity mba tsy handany fotoana, kanefa tokony hojerena ny andininy faha-131 amin'ny manaraka.

Nametraka fanontaniana amin'ireo olona naka "licence" izy hoe: raha any aoriana any, azo atao ve ny mivarotra azy na mamindra izany amin'ny zanaka nateraka. Aleo dinihana izay amin'ny manaraka, fa eto izahay dia handany ny volavolan-dalàna miaraka amin'ireo namana.

Nanamafy ny tenin'ny namany teo Andriamatoa HENRI Jean Michel amin'ny tokony handaniana azy ity; na izany aza, nangataka fanazavana momba ny andininy faha-54 vaovao hoe: iza no manao "reconnaissance" mikasika ny maripahaizana; ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony ve sa ny Minisiteran'ny Fampianarana Ara-teknika sy ny Fanofanana na koa izy roa miaraka?

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert indray nilaza, fa efa nidinana andalam-be izy ity, ka aleo vitaina satria efa nilamina.

Eo anatrehan'izay, tokony horaràna ny olona manao "publication" ka ahitana olon-kafa ao ambadika. Tsy manao "anonymat" fa mamono antsika ny zavatra tahaka izany; hita izany any amin'ny «radio» sy ny "facebook". Ampitaina ny hafatra satria anisan'ny manimba antsika izany.

Teo ampamaranana ny teniny, nitaona ny rehetra handany ny volavolan-dalàna ny tenany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha an-dRamatoa Minisitry ny fitenenana hamaliany ny fanontaniana sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka.

Nambarand-Ramatoa ANDRIATONGARIVO Rakotondrazafy Lalatiana, Minisitry ny Kolotsaina sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, fa raha mikasika ny andininy faha-55 bis vaovao dia "disposition dissuasive" io. Izany hoe, jerena raha azo atao ny manala azy amin'ny toerany kanefa irariana ny tsy hisian'izany.

Momba ny andininy faha-131 vaovao kosa, omena anao ny "licence", fa tsy omena olon-kafa. Raha tsy miasa ao anatin'ny 12 volana izany dia miverina amin'ny Fanjakana.

Raha jerena, nanana traikefa tamin'io resaka io ny Antenimierandoholona satria nanome ohatra izy hoe: raha teratany Sinoa no tena tompon'ny "licence" ary raha misy Malagasy mividy azy dia mijanona amin'io Sinoa io ihany izany.

Mikasika ny fanontaniana napetrak'Andriamatoa Kestora Voalohany dia tsy voatery ho izy roa, fa na ny iray aza efa mety.

Momba ny fanamarihana farany teo, mazava ho azy ny fomba fiasa, ka hojerena io resaka fanehoan-kevitra io. Izany hoe, tsy tokony hiafiana amin'ny "anonymat", fa sahia miteny mivantana.



Fisaorana ny rehetra no namaranany ny teniny sady nitaona hatrany amin'ny handaniana ny volavolan-dalàna ny tenany.

Nisaotra an-dRamatoa Minisitry tamin'ny famaliany ny fanontaniana, Ramatoa Filoha ary nanamarika fa efa nolaniahana teto tamin'ny volana Desambra 2019 ity volavolan-dalàna ity ary nolaniahan'ny Antenimierandoholona tamin'ny endriny nasiam-panitsiana ihany koa, tamin'ity taona 2020 ity.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny tamin'ireo fanitsiana nataon'ny Antenimierandoholona ny Solombavambahoaka.

- Mikasika ny lohateny, fanovàna ny daty ho tamin'ny 24 Aogositra 2016. Tsy nisy nanan-kambara tamin'ny fanovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andiny faha-5, andalana voalohany. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andiny io.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andiny faha-6, andalana voalohany. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andiny io.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andiny faha-9, andalana voalohany. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andiny io.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andiny faha-11, andalana faha-2 sy ny andalana faha-16. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andiny io.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andiny faha-19, andalana voalohany. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andiny io.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andiny faha-22, andalana voalohany, andalana faha-2, andalana faha-3 ary ny andalana faha-4. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andiny io.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-23, andalana voalohany, andalana faha-2, andalana faha-3, andalana faha-4 ary ny andalana faha-3. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-24, andalana voalohany, andalana faha-6. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-41, andalana voalohany. Tsy nisy nanan-kambara tamin'io andininy io.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory; ka ny andininy faha-137 andalana faha-2 sy ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2019 tamin'ny 2 Oktobra 2019 «portant modification de certaines dispositions de la loi n°2016-029 du 24 août 2016 portant Code de la Communication Médiatisée».

Taorian'izay, nisaotra ny Solombavambahoaka Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanatontosan'izy ireo ny adidiny.

Rehefa izany, mbola nomeny fitenenana, Ramatoa Minisitra, raha misy teny tiany hambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nataon-dRamatoa ANDRIATONGARIVO Rakotondrazafy Lalatiana, Minisitry ny Kolotsaina sy ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, tamin'ny nahalanian'ny volavolan-dalàna natolotra teto amin'ny Antenimierampirenena.

Nambarany koa, fa mizara ny fihetseham-po nisy hatramin'izay ka hatramin'izao androany 1 Jolay 2020 izao ny tenany.

Fandresena iray izao niseho androany izao, hoy izy. Mbola handalo eny amin'ny "Haute Cour Constitutionnelle" na ny HCC izy ity hojereny raha mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenenana na tsia. Vita ny ady goavana natrehana satria efa tamin'ny taona 1999 no nitaky fahalalahana ny mpanao gazety. "Demarche participative" no natao tao anatin'izay 20 taona izay ary tamin'ny taona 2014 vao tratra ny tanjona hoe: hiaroka hevitra iray itoviana. Tao anatin'izay, nisy ny hetsika nataon'ny mpanao gazety, fantatra amin'ny hoe MLE na ny "Mouvement pour la Liberté d'Expression" mba hahazoana maneho hevitra. Mbola izany no tazoninay amin'izao maha Minisitra anay izao.

Misaotra ny rehetra tamin'ny fandanianana ny volavolan-dalàna araka ny voalaza teo aloha.

Fisaorana ihany koa no navalin'Andriamatoa Filoha azy, taorian'izay.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany; hisy ny asam-baomiera handinika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020; rahampitso 2 Jolay 2020 amin'ny 9 ora, maraina. Ny tolak'andro amin'ny 3 ora, fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba izany.

Nanao satroka, Andriamatoa IDEALSON, ka nomena fitenenana ary nambarany tamin'izany, fa nilaza ny hisian'ny asam-baomiera, Andriamatoa Filoha teo. Eo anatrehan'izay, mangataka ny Solombavambahoaka rehetra satria misy ny fahamehana amin'ny tokony handiniana ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2020/PL "modifiant et complétant la loi n°2016-021 du 22 août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption". Ny antony, noho ny fisian'ny zavatra mifangaro amin'ny rinjan-teny teo aloha. Noho izany, miangavy amin'ny hampidirana azy amin'ny lahadinika rahampitso izahay.

Nisaotra azy tamin'ny fampahatsiahivana, Andriamatoa Filoha sady niangavy ny Solombavambahoaka handray fanapahan-kevitra amin'ny hampidirana izany ao anatin'ny lahadinika vaovao.

Nanaiky ny hampidirana izany ny Solombavambahoaka, ka nandraisana fanapahan-kevitra avy hatrany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hampidirina amin'ny lahadinika vaovao izany ary hiditra amin'ny asam-baomiera rahampitso 2 Jolay 2020 amin'ny 9 ora, maraina, io Tolo-dalàna io. Ny tolak'andro kosa no handiniana azy eto amin'ny fivoriambe.

Niato tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

